Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
753119 Paris Cedex 09
Tél. 01 45 96 03 05

Ny fandresen'ny fiangonana avy amin'ny alalan'ny tsodrano aronika

Ny fiangonana dia asaina miaina ary koa irahan'ny Kristy Jesosy ho eo amin'izao tontolo izao ijoro vavolombelona koa omena tsodrano azahoany mandresy hatrany. Mialoha ny fanirahana ny fiangonana dia omena tsodrano ny fiangonana ; ary ny iray amin'izany dia avy ao amin'ny Nomery 6/24-26 :

« Hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao
Hampamirapiratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hamindra fo aminao
Hanandratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana »

Rahefa tonon'ny mpitarika ny fotoam-pivavahana amin'ny anaran'Andriamanitra sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina io fitahiana io dia tsy voatery mieritreritra ny dikany eo no hoe eo ny mpiangona. Ary raha miasaintsaina ny dikany aza ny mpiangona rehefa mandao ny efitrano fiangonana dia mbola ny Fanahy Masina irery ihany no manaza ny heviny amin'ny mpiangona tsirairay avy araka ny fiainany sy ny tantarany.

Izao isika dia nomena fotoana ieritreretantsika ny hevitr'io tsodrano io ; ary ny anaovantsika izany dia ny famakafakana ny Baiboly saingy « ny soratra mahafaty fa ny fanahy no mahavelona » koa ny fanahy, ny hevitra ao ambadikin'ny teny no mahavelona antsika. Maro koa ny olona no mahay mamaky Baiboly ara-tsaina sy amin'ny fomba maro samihafa fa tsy misy dikany io fanahin'ny teny io raha tsy ny Fanahy Masina irerey ihany no hany tokana manazava azy amintsika. Koa ny fandinihana ny Baiboly dia tsy misaraka mihintsy amin'ny vavaka fangatahana ny fanazavan'ny Fanahy Masina, ary ny mampanakery azy dia ny fifampizarana izay voarain'ny tsirairay ho an'ny hafa. Koa ampanetren-tena nefa koa ampifaliana no izarako aminareo ny famakiko ny Baiboly nefa ianareo koa mizara izany amiko ary izay fifampizarana izay no iray mahatonga antsika fiangonana mandresy.

Azahoantsika mahatakatra bebe kokoa ny hevitr'io tsodrano, izay inona fa ahatonga antsika ho mpandresy hatrany, dia itarintsika ny vakiteny koa ny vakintsika dia ny Nomery 6/22-27 :

« Ary Jehovah niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe :
Mitenena amin'i Arona sy ny zanany hoe :
Izao no teny ho entinareo mitso-drano ny Zanak'Isiraely
Hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao
Hampamirapiratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hamindra fo aminao
Hanandratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana
Dia hametraka ny anarako amin'ny Zanak'Isiraely izy ; ary izaho hitahy azy »

Misy tsondrano 5 ampitaina fa ny 3 ihany no fampiasanstika amin'ny fotoam-pivavahana. Tsy mahazatara antsika ny mamakafaka ny Baiboly atomboka amin'ny andininy farany nefa ataontsika izany anio azahoantsika mahatakatra ny hevi-dehibe. Hotomorintsika ny faha 5 farany.

1. Andriamanitra no tompo'ny tsodrano ary izy irery ihany no manatanteraka ny fitahiana
« Dia hametraka ny anarako amin'ny Zanak'Isiraely izy ; ary izaho hitahy azy » ary araka ny teny fototra dia adikako hoe « Dia hametraka ny anarako amin'ny zanak'Israely izy ireo ; ary izaho hitahy azy ireo ». Ny miova dia ilay hoe « izy » lasa « izy ireo ».

Io no teny farany ao amin'ny tsodrano saingy tsy ambaran'ny mpitarika ho an'ny fiangonana. Zava-dehibe io satria nisy zavatra natao teo aloha, izay marihin'ny teny kely hoe « Dia » ; ary mitohy izany izao. Io teny io dia milaza ny asa ataon'Andriamanitra samy irery « izaho hitahy azy ireo »

Rahefa vita ny asa ataon'ny mpitarika « hametraka ny anarako amin'ny Zanak'Israely izy ireo » dia manao asa manokana samy irery Andriamanitra ; toy ny miteny hoe : efa nanao ianareo fa izaho Andriamanitra no tompon'ny teny farany, efa nampita ny tsodrano ianareo fa izao Andriamanitra no mitsodrano farany, manatanteraka ny tsodrano. Manome antoka izany fa Andriamanitra dia miaraka amin'izay mandray ny tsodrano.

Ny tsodrano, ny fitahiana, ara-bakiteny dia midika hoe : mandohalika. Mitsodrano Andriamanitra dia midika hoe milefitra ny lohaliny. Ny lohalika dia mampitohy ny vatana, afahan'ny vatana mifanerasera sy mirindra ; ary noho izany ny tsodranon'Andriamanitra dia milaza fifaneraserana, milaza firesahana eo amin'Andriamanitra sy ny olona. Ny tsodrano dia firesahana eo amin'Andriamanitra sy ny fiangonana ary Andriamanitra no mandohalika, midina ambany, milefitra ny lohaliny ampita zavatra amin'ny olona ambany, ampita teny ho an'ny fiangonana ; ary izany fidinan'Andriamanitra izany dia mitaona ny ambany iakatra. Ny tsodranon'Andriamanitra dia mampitraka, mampandresy ny fiangonana.

Ny mpivavaka jiosy dia tsy manonona mihitsy ny anaran'Andriamanitra satria ny fanonona anarana dia milaza fa ilay manonona dia tompon'ilay tononina, tsy tononina ny anaran'Andriamanitra satria ny fanonona ny anaran'Andriamanitra dia milaza fa mitazona an'Andriamanitra.

Saingy apetraka ny anaran'Andriamanitra, « Dia hametraka ny anarako amin'ny zanak'Israely izy ireo » izay entina ilazana zavatra roa : misaotra an'Andriamanitra ny fiangonana ary koa milaza fa Andriamanitra no miaraka amin'ny fiangonana. Ny vavaka misaotra fa Andriamanitra miaraka amin'ny fiangonana dia manome antoka sy toky ny fiangonanana ho mpandresy saingy Andriamanitra no ahatanteraka feno izany, koa izany no ilazany hoe « izaho hitahy azy ireo », hitahy ny mampita ny tsodrano sy ny mandray ny tsodrano.

Ny tahin'Andriamanitra dia ny fiangonana rehetra, ireo olona mampita fitahiana sy ny ireo mihaino ny mpampita fitahiana : « hitahy azy ireo aho »

« Hitahy » milaza fa efa manomboka izany ary mitohy. Efa nitsodrano Andriamanitra. Vao nahary ny olona tahaka ny endriny Andriamanitra, lahy sy vavy no namoronany azy, olona mitambatra, fiangonana, avy hatrany dia nomeny tsodrano (Genesisy 28/1a) ; ary tohizany izany fanomezana tsodrano izany saingy nataony tamin'ny teny « Andriamanitra niteny tamin'ny olona hoe... » (Genesisy 28/1a), amin'ny teny frantsay dia tsapa mazava kokoa ny fanohizan'Andriamanitra ny tsodranony amin'ny alalan'ny teny ambarany amin'ny olona : « Dieu les bénis et Dieu leur dit »

Ary eto amin'ny Fiandohana, ny olona no itenen'Andriamanitra fa tsy iza na iza ; eo alohan'io dia miteny irery Andriamanitra « misia ny… » dia misy izay zavatra teneniny « dia nisy ny… ». Olona no itenenany voalohany raha vao avy nomeny tsodrano. Miteny amin'ny olona Andriamanitra, izany hoe miandry ny valiten'ny olona, miandry ny olona hanao asa.

Andriamanitra no miteny voalohany amin'ny olona « Andriamanitra niteny tamin'ny olona hoe… » ; ary manome baiko izy azahoan'ny olona mandresy : « mampanompoa ny tany » ary « manjakà » amin'ireo biby. Baiko tsy hita afa tsy indray mandeha irery ihany ao amin'ny Fiandohana, baiko tohin'ny tsodrano, baiko mahatonga ny olona ho mpandresy. Milaza izany fa Andriamanitra manao ny asany, mitsodrano ary ny olona kosa asainy mandray andraikitra. Mahery sy mantajaka ny tsodrano koa mampihetsika ny olona, mampihetsika ny fiangonana.

Ny fandraisana an'io tsodrano io dia amin'ny vavaka, amin'ny vavaka tsy miteny fa mangina, mihaino.

Hiverina amin'ny hafatra eo aloha isika ary ho tsapantsika fa misy hafatra 3 lehibe mahatonga ny fiangonana ho mpandresy.

Mialohan'izany dia misy fanamarihana mikasika ny fandikana ny teny. Ny Baibolintsika dia milaza fa misy zavatra roa mifameno, hita izany amin'ny fampiasana ny teny hoe « ka » ; ny faharoa miankina amin'ny voalohany : « hitahy anao ka hiarao anao… hanandratra ny tavany aminao ka hanome anao » ; araka ny soratra fototra dia tsy miankina amin'ny voalohany ny faharoa, tsy mifameno fa mpifampitohy, hita izany amin'ny fampiasana ny teny hoe « ary » na « sy », koa amin'ny vakintsika dia adikako hoe « hitahy anao ary hiaro anao… hampamirapiratra ny tavany aminao sy hamindra fo aminao… »

2. Tsodrano voalohany. « hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao », ara-bakiteny dia : « hitahy anao Jehovah ary hiandry anao ». Araka ny teny fototra, *samar*, ilay teny hoe « hiaro » dia « hiandry ». Milaza faniriana izany amin'ny fahatakarantsika azy amin'ny voalohany, toy ny hoe mbola tsy nitsodrano Andriamanitra, saingy ampatsiahivina ny voalaza teo aloha fa raha vao namorona ny olona Andriamanitra dia avy hatrany dia nitahy ny olona ; ary ny olona no voalohany indrindra nomeny tsodrano.

Andriamanitra tsy mitsahatra ny mitsodrano ny fiangoanana fa saingy tsy manery Andriamanitra fa manome fahafahana ny fiangonana ny tsy handray ny tsodrano… toy ny masoandro mibaliaka lalandava nefa misy ny sasany mitady aloka na mijanona ao amin'ny aizina… koa raha tsy mahita hafanana na fahazavana ny olona dia tsy miankina amin'ny masoandro fa miankina amin'ny olona. Manana fahafahana ny fiangonana ny handray na tsy handray ny masoandro, miankina amin'ny fiangonana ny handray na tsia ny tsodrano ; ary raha tsy mandray ny fitahiana ny fiangonana dia inona no ifaharany sy iafarany ?

« Hitahy anao Jehohah ary hiandry anao » dia azo sainina hoe efa mitahy antsika Andriamanitra ary na tsy mandray ny fitahiana aza ny fiangonana ary koa na mandray aza dia mbola andrasany hatrany. Miandry ny fiangonana Andriamanitra, milaza izany fa maharitra ny fitahian'Andriamanitra fa tsy indray mandeha fotsiny. Tsy misy takalony fa maimaimpoana ny fiandrasan'Andriamanitra ny fiangoanana. Andriamanitra no mandray fanapahan-kevitra samy irery fa tsy miera amin'ny fiangonana izy na miandry ny fiangonana hangataka ho tandremana.

Efa mitahy antsika Andriamanitra ary manaiky ny ho andrasany isika ; nefa na izany aza dia tsy mahay mamindra isika, saingy ao anatin'izany lalana bingo sy meloka izany, ny fiangonana dia mbola iteneny hoe :

« hampamirapiratra ny tavany aminao anie Jehovah ary hamindra fo aminao» izay adika ara-bakiteny hoe « hampamirapitra ny tavany eo amboninao Jehovah ary hiantra anao ».

Araka ny teny fototra : Ilay teny « eo aminao » no miova ho « eo amboninao » ary « hamindra fo » miova « hiantra »

3. Tsodrano faharoa. Mosesy efa nanambaran'Andriamanitra fa efa nahita fiantrana teo amin'Andriamanitra (Eksodosy 33/12b.13a.13b16a17b) nefa mbola nangataka tamin'Andriamanitra hampisehoan'Andriamanitra ny voninahiny « Mba ampahahitaho ny voninahitrao aho (Eksodosy 33/18a) ; saingy hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy hoe « anonona ny anaran'i Jehovah eo anatrehanao (aho)… tsy mahazo mahita ny tavako ianao ; fa tsy misy olona mahita ahy ka ho velona… koa raha mandalo ny voninahitro dia hataoko eo an-tsefaky ny harambato ianao mandra-pandaloko ; dia hanaisotra ny tanako aho, ka hahita ny vohoko ianao fa ny tavako tsy ho hitanao » (Eksodosy 33/17. 20.21-23) ; ary ny voninahitr'Andriamanitra asehony an'i Mosesy dia tsy ny tavan'Andriamanitra fa ny lamosin'Andriamanitra dia « ny famindrampony, ny fiantrany, ny fahareta-pony, ny fitiavany ary ny fahamarinany » (Eksodosy 34/6) ; ary ny « tavan'Andriamanitra », ny lamosin'Andriamantra dia ireo zavatra efa fantatr'i Mosey ireo, ary ireo izao no asain'Andriamanitra ampitain'i Mosey ho an'ny Arona sy ny zanany ary ampitain'i Arona sy ny zanany ho an'ny fiangoanana.

« hampamirapiratra ny famindrampony sy ny fiantrany sy ny fahareta-pony sy ny fitiavany sy ny fahamarinany aminao Jehovah ary hianatra anao » na dia diso famindza aza ianao. Zava-dehibe ny fiantrana. Tsy ho an'ny mahay mamindra ny fiantrana fa ho an'ireo bingo ary ny « tavan'Andriamanitra », ny lamosin'Andriamanitra irery ihany, izay tsodrano omeny maimaimpoana no afahan'ny fiangonana mamindra na dia bingo aza ny fiangonana.

Na efa niantrana aza ny fiangonana amin'ny fandehany dia misy fitsapana lalovan'ny fiangonana ; ao anatin'ny aizina sy ny ady korotana ny fiangonana, saingy ao anatin'izany fitsapana izany ny fiangonana dia a omen'Andriamanitra fiadanana.

4. Tsodrano faha 3. « hanandratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana », izay adika ara-bakiteny hoe « hanandatra ny tavany aminao anie Jehovah ary hametraka fiadanana eo amboninao »

Ilay hoe « hanome » dia midika hoe « hametraka » araka ny teny fototra. Ny manome dia milaza fa misy ny mandray nefa tsy votery mandray ary ny mametraka dia milaza fa tsy afaka manda izany ametrahana. Ilay hoe « eo amboninao » no tsy ao amin'ny baibolontsika nefa ao amin'ny teny fototra.

Manandratra ny « tavany » Andriamanitra izany hoe mitraka Andriamanitra, eo ambany Andriamanitra, nidina ambany izy no nitraka. Nidina ambany izy noho ny tsy fandraisan'ny fiangonana azy nefa tsy manaiky ny tsy itsodrano izy ka mitraka, mampiseho ny « tavany » amin'ny fiangonana, mampiseho ny lamosiny amin'ny fiangonana, mapiseho ny voninahiny amin'ny fiangonana.

Avy eo ambany Andriamanitra no mijery ny fiangonana, manandratra ny « tavany » mijery ny fiangonana nefa asehon'Andriamanitra fa eo ambonin'ny fiangonana izy satria apetrany eo ambonin'ny fiangonana ny fiadanana.

Ny tsodrano dia ho an'ny fiangonana, mampiaina ny fiangonana nefa koa mahatonga ny fiangonana tsy mampita fotsiny ny tsodrano fa manampy ny hafa. Mila sahy ny fiangonana ho ambony amirapiratra fa tsy miafina, ahitan'ny olona mazava ny asa ataony ary mila midina ambany ny fiangonana manao ny hafa mihoatra noho ny tenany itoeran'ny fiadanana eo ambonin'ny rehetra.

Tsodrano telo no noraisin'ny fiangonana ary :

- mahatonga ny fiangonana ho mpandresy amin'ny fandehany eo amin'izao tonolo izao satria Andriamanitra no miandry azy
- mahatonga ny fiangonana ho mpandresy amin'ny heloka izay ataony satria Andriamanitra no miantra azy
- mahatonga ny fiangonana ho mpandresy amin'ny ady satria Andriamanitra no mametraka ny fiadanana eo amboniny

5. Mifampitsodrano ny fiangonana

Mahatonga ho mpandresy satria ny fiangonana dia mitoetra ao amin'ny anaran'Andriamanitra ary tahin'Andriamanitra araka ny fampanantenana ataon'Andriamanitra amin'ny farany rehefa votonana ny tsodrano 3 ; saingy amin'ny voalohany koa dia misy teny ataon'Andriamanitra amin'ny baiko hampitoetra tsara ny tsodrano.

Hoy ny nanoratra ny Baiboly « Ary Jehovah niteny tamin'i Mosey hoe : Mitenena amin'ny Arona sy ny zanany hoe : izao no teny ho entinareo mitsodrano ny zanak'Israely » fa saingy ny teny fototra dia manoratra hoe : « Ary Jehovah niteny tamin'i Mosey hoe : Mitenena amin'ny Arona sy ny zanany hoe : izao no teny ho entinareo mitsodrano ny zanak'Israely ; mitenena amin'izy ireo »

Ilay teny hoe « mitenena amin'izy ireo » no tsy ao amin'ny Baibolintsika nefa ao amin'ny teny fototra.

Arona sy ny mpisorona miaraka aminy no nomena toro-marika itsodrano ny zanak'Israely. Miantefa amintsika rehetra izany satria isika mpiangona rehetra koa dia « mpisorona daholo » na dia misy aza ny mpitandrina manonona manokana ny tsodrano amin'ny fotoam-pivavahana. Isika rehetra no asaina mifampitsodrano.

Matetika ny mpiangona dia mahay miray hina rahefa manao asa, indrindra fa ny asa hita maso sy azo tsapaintanana atao eo amin'izao tontolo izao. Saingy tsy isika irery no manao toy izany fa ny olona tsy mino an'Andriamanitsika koa manao toy izany ; ary misy aza mahavita betsaka noho isika. Tsy isika fiangonana irery no miasa eo amin'izao tontolo izao fa misy koa olona hafa.

Saingy misy asa hafa izay ny mpino an'Andriamanitr'i Jesosy ihany no afaka manao azy dia ny mitsodrano, mitondra sy mpampita ny tsodrano avy amin'Andriamanaitra. Mahagaga dia mahagaga fa mila olona Andriamanitra hampita ny tsodranony, mila fiangonana Andriamanitra ampita ny tsodranony. Afaka ataon'Andriamanitra samy irery ny mitsodrano toy ny nataony tany ambolohany raha vao nahary ny olona izy, fa saingy izao dia mila ny fiangonana izy ; ary heveriko manokana fa misy antony 3 izany :

Rahefa misy olona iray mahatsapa fa notahin'Andriamanitra dia tia hisokatra amin'ny olona hafa izany olona izany hizara ny fitahiana ho an'ny hafa ary koa vao maika misokatra amin'Andriamanitra handray hatrany fitahiana.

Rahefa misokatra amin'ny hafa ny nandray fitahiana ary mampita izany amin'ny hafa dia mahatsapa ilay nampita ny fitahiana fa Andriamanitra dia tsy azy irery fa an'ny hafa izay ampitany fitahiana ary io hafa io koa dia afaka mampita fitahiana ho azy.

Ary ny fifaneraseran'ireo olona mifampita fitahiana ireo no mahatonga ny fiangonana ho mpandresy ary tsapantsika izany amin'ny teny farany manao hoe « hametraka ny anarako amin'ny zanak'Israely izy ireo », ireo mpiangona ireo, ireo fiangonana ireo no mifampitsodrano nefa Andriamanitra no mbola hitahy azy « izaho hitahy azy ireo »

Andriamanitra mitsodrano izay mampita tsodrano ary mitsodrano izay mandray tsondrano. Ny fampitana tsodrano dia tsy famerenana fotsiny ny teny litorjika ho toy ny teny manao fahagagana fa amin'ny tenintsika isika no asaina mampita ny hevitry ny tsodrano ary ny heviny dia : Andriamanitra miaraka amin'ny olona amin'ny diany, amin'ny adiny amin'ny fahalemeny.

Ara bakiteny avy amin'ny teny fooatra ny tokony ho vakina dia hoe : « mitenena amin'i Arona sy ny zanany hoe : izao no teny ho entinareo mitsodrano ny zanak'Israely ; mitenena amin'izy ireo : … »

Nofafan'ny ray aman-drenintsika malagasy nandika ny Baiboly ho amin'ny teny malagasy ny hoe « mitenena amin'izy ireo… » satria heveriko fa ireo ray aman-dreny ireo dia nanome fahalalahana ny mampita tsodrano ilaza ny tsodrano araka izay teny tian'ny fiangonana ampiasaina ; ny hevitry ny tsodrano tsy miova fa ireo ray amandreny ireo dia mitaona ny fiangonana hampita ny tsodrano amin'izay teny tiany itenena azy.

Ny teny fototra koa dia manaiky fa ny hevitry ny tsodrano dia tsy miova : « Andriamanitra miaraka amin'ny fiangonana » ary maro ny teny azahoana milaza izany ary asainy mampiasa ny teniny ny fiangoana fa saingy tsindriny mafy ny fanaovana izany.

Ny fanoratana ny teny hoe « mitenena » dia ninian'ny mpanoratra novaina fa tsy toy ny mahazatra, itaritatiny ny mpamaky ho taitra sy hifoha ka hiambina tsara. Amin'ny fanovany azy dia tsindrina mafy fa mila milamina tsara vao afaka mampita tsodrano ary amin'ny andro fitsaharana io tsondrano io no ampitaina fa amin'izany andro fitsaharana izay no milamina ny rehetra.

Ny fanoratra mahazatra dia hoe « mitenena » saingy novain'ny mpanoratra izany koa nataony hoe « mitenêna ». Eto irery ihany ao amin'ny Baiboly no ahitana an'io fanoratana io, entina anindrina mafy fa : <u>tsy atao ankamehana sy taiataitra ny fanomezana tsodrano fa mila mifantsika, mitoetra tsara amin'ny fahatoniana</u>.

Ao amin'ny bokin'ny Nomery no ahitantsika ny tsodrano nampitaina tamin'ny Arona. Ny bokin'ny Nomery, na Fanisana, amin'ny mpivavaka hebreo dia antsoiny hoe « Midavara », izay midika hoe « ao amin'ny tsy misy teny », « ao an'efitra », izany hoe ao amin'ny fahanginana ; koa ny feo heno ao amin'ny fahanginana dia 2 ihany na ny feon'Andriamanitra na ny feo hafa maka fanahy.

Ao an'efitra, amin'ny fahenoana feo hafa no mibitsika mora malefaka toy ny rivotra Andriamanitra mitsondrano ny fiangonana, tsy heno io tsodrano io raha tsy milamina tsara sy vonona tanteraka.

<u>Ny azahoan'ny fiangonana mandresy amin'ny alalan'ny fandraisana ny tsodrano dia ny fahaizana mangina itoeran'ny tenin'Andriamanitra ao anatin'ny fiangonana</u> ; ary izay fitoeran'ny tenin'Andriamanitra izany no mahatonga ny fiangonana mandresy.

Tsy tompon'andrakitra amin'ny tabatata avy any ivelany ny mpiangona fa tompon'andraikitra kosa amin'ny tabataba ataony ao anatiny.

Tsy amin'ny fandraisana tsodrano ihany ny mpiangona no tokony hangina fa isaky ny misy miteny ny tenin'Andriamanitra ao ampiangona dia tokony hangina tanteraka ny mpiangona rehetra. Maro ny tenin'Andriamanitra ampitaina ao amin'ny fotoam-pivavahana fa tsy eo amin'ny toriteny na ny tsodrano ihany ; eo koa ny teny famelan-keloka, eo koa ny sitrapon'Andriamanira, eo koa ny filazan-draharaha milaza fa Andriamanitra dia mahatoky ny mpiangona koa anakinany asa. Vao manomboka miditra ao anefitrano fiangonana dia tokony mangina mihaino ary rahefa asaina miteny amin'ny alalan'ny hira dia tokony miteny amparisihana, mihira ampifaliana.

Ny tsodrano farany omena ny fiangonana, alohan'ny fanirahana, dia manome antoka ny mpiangona ho mpandresy amin'ny fiainany sy amin'ny fanirahana azy eo amin'izao tontolo izao.

Zava-dehibe ny tsodrano farany satria teny omena ny olona izay hamakivaky izao tontolo izao izay misy fandrika maro mandavo mahatonga ny mpiangona hanaraka ny fanaon'izao tonolo izao ; koa ampahatsiahivina ny fiangonana, omena antoka, omena toky fa Andriamanitra no miaraka amin'ny fiangonana nefa « marefo » io tsodrano koa mila kolokoloina isan'andro ao antokatrano miaraka amin'ny fianakaviana ary mila kokololoina samy irery ihany koa ao amin'ny efitrano mangingina.

Ny tsodrano dia asa mangina nefa mafonja, tsy voafaritra eo amin'ny fotoana fa tanteraka miandalana toy ny fitomboana koa mila kokoloina.

Fa ny lehibe indrindra dia ny fanekena fa ny tsodrano dia mampihaona an'Andriamanitra sy ny mpino, mampifandray ny matanjaka sy ny malemy ; koa ilazana ny fiangonana hoe :

- « Hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao » : Andriamanitra mitoetra any amin'ny toerany nefa miaraka aminao ety antany mitandrina anao amin'ny dianao

- « Hampamirapiratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hamindra fo aminao » : Andriamanitra manana ny fiainany mefa mitsofoka amin'ny fiainanao na dia tsy mendrika aza ianao

- « Hanandratra ny tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana » : Andriamanitra midina ambany mitondra ny tongotrao nefa eo ambonin'ny lohanao miaro anao

Mitsondrano anao Andriamanitra azahonao mampita ny tsodrano ho an'ny fiangonna, mitsodrano ny fiangonana Andriamanitra azahoan'ny fiangonana mampita ny tsodrano aminao. Rahefa mifampitsondrano ny fiangonana ary manome toerana an'Andriamanitra ary manaiky fa Andriamanitra no tompon'ny tsodrano dia inoana tanteraka fa mpandresy ny « fiombonan'ny olona masina »

Bordeaux, faha 16 marsa 2016

Ny mpitandrina Rakotoarimanana Ndranto